Fiangonana Batista Biblika eto Fort Dauphin FBB FD Fanekem-pihavanana

Ao amin’ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao dia misy fiaraha-monina voafaritra mazava tsara momba ny vahoakan’Andriamanitra. Andriamanitra dia mametraka fanekena tamin’ny olony. Izany fanekena izany dia naoriny voalohany tamin'ny zanak’ Isiraely tamin'ny alàlan'i Abrahama, ary avy eo Andriamanitra dia nanangana fanekena vaovao tamin'ny olony, dia ny fiangonana, tamin'ny alàlan'i Kristy. Ao anatin’izany Fanekem-pihavanana iaraisan’ny mpino eto amin'ny Fiangonana Batista Biblika eto Fort Dauphin no anoloranay tena ho an'i Kristy ary amin’ny mpikambana tsirairay. Manolo-tena ihany koa izahay amin'ny fahampian’ny sy fahamarinan'ny Soratra Masina, ary manolo-tena amin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina.

Ny Andrasana amin’ny Mpikambana eto amin’ny Fiangonana Batista Biblika eto Fort Dauphin

Amin'ny maha-mpikambana ahy, dia manolo-tena amin'ny tenan'i Kristy aho, dia ny Fiangonana **(1 Korintiana 12:27; Romana 12: 4-5).** Amin'ny maha-mpikambana ahy ato amin'ny Fiangonana Batista Biblika eto Fort Dauphin, dia hotanterahiko sy arahiko ireto manaraka ireto:

1. Hivavaka amin'ilay Andriamanitra tokana miaraka amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana Batista Biblika eto Fort Dauphin aho raha mbola salama sy afaka mandeha ara-batana **(Heb. 10: 24-25; Romana 12: 1).** Ny tanjon'ny fanompoana tsy tapaka ataoko isan-kerinandro dia ny hanome voninahitra an'Andriamanitra **(Romana 11:36; Heb. 13:15).**

2. Hitombo ara-panahy amin'ny alàlan'ny fandraisana anjara tsy tapaka amin'ny vondrom-bavaka sy ny kilasy fianarana ary fandinihana Baiboly ato amin'ny Fiangonana Batista Biblika eto Fort Dauphin aho. Ary ankoatry ny fotoam-bavako manokana izay iainako isan-andro dia zoko tsara fa ny tanjon'ny vondrom-bavaka sy kilasy fianarana Baiboly dia ho fananganana fiaraha-monina amin'ny mpino hafa ary hifampitondra sy hifanaiky amin’ny tamberin'andraikitra na redevabilité eo amin’ny fianana Kristianina. **(Asa 2: 44-47; 2 Timoty 3: 16-17).**

3. Hanompo an'i Kristy amin'ny alàlan'ny asa fitoriana Filazantsara ataon'ny Fiangonana Batista Biblika eto Fort Dauphin aho. Noforonina aho mba hanompo ny hafa amin'ny alàlan'ny asa tsara **(Efesiana 2:10; 1 Petera 4:10).** Andriamanitra dia nandidy ahy hanao mpianatra ny firenena rehetra, izay avy amin'ny foko rehetra, ary ny samy hafa fiteny amin'ny alalàn'ny fiangonana eo an-toerana **(Matio 28: 16-20; Apôk. 7: 9).** Hanohana ny iraka ataon'ny fiangonana aho eny handeha any amin'ny faran'ny tany hizara ny filazantsara **(Asa 1: 8).**

4. Hanome ho an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanatitra amin'ny fifaliana aho, indrindra amin'ny fanekena an'Andriamanitra ho tompon'ny zava-drehetra **(Ohabolana 3: 9; Salamo 24: 1).** Ny fanomezana ny ampahafolon-karena sy ny fotoana ataoko amin'Andriamanitra dia mampanakaiky ahy bebe kokoa Aminy **(Malakia 3:10; Matio 6: 19-24).**

5. Hikatsaka firaisan-kina amin'ireo mpikambana eto amin'ny Fiangonana Batista Biblika eto Fort Dauphin aho. Fantatro fa ny fikasan'Andriamanitra ho an'ny fiangonana dia ny firaisam-po amin'ny fahasamihafana, ary hataoko ho ambony noho ny tiako manokana ny tombontsoan'ny hafa **(Efesiana 4: 1-6; 1 Petera 3: 8-9).** Hiambina ny lazan'ny fiangonana aho ary hanaiky fifehezana na discipline ny amin'izay fohatana mety misy eo amin'ny fiainako **(Matio 18: 15-20).**

6. Hivavaka aho ary hanaraka ny fitarihan'ny Fiangonana Batista Biblika eto Fort Dauphin **(Heb. 13: 17-18).** Hanana ny fianam-bavako manokana aho, nefa koa hivavaka miaraka amin'ny Fiangonana amin'ny vavaka izay natokana iarahana. Hivavaka aho mba handray an'i Kristy ny olom-bery, ary hivavaka aho mba hitombo ny fanaovana Mpianatry ny Tompo.

7. Hahafoy tena aho ary ho voalohany amin'ny asa fanompoana eto am-piangonana. Mba ho voalohany amin'ny fanarahana ny maodely nataon'i Kristy izay naka ny toeran'ny mpanompo **(Marka 10:45).** Hataoko ho toy ny an'i Kristy ny toetrako ary amin'ny alàlan'ny fanetren-tena dia hataoko lohalaharana ny Filazantsara **(Filipiana 2: 5-11).**

Miaraka amin'i nanekeko an'i Kristy ho Tompoko sy Mpamonjiko, ary ny fanitrihina ahy tamin'ny alalan'i Batisa taorian'ny famonjena ahy, ary araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina, dia manaiky an'izao **Fanekempiahavanana** izao aho. Manaiky ny fotopampianarana ary ny fitarihana eto amin'ny Fiangonana Batista Biblika eto Fort Dauphin aho, ary miditra am-pifaliana tsy misy teritery ho mpikambana raikitra ato amin'ny Fiangonana ary manolotra ny tenako ho an'Andriamanitra ary miaraka amin'ireo mpikambana hafa.